Dia Nahiratra Ny Mason'Izy Ireo Ka Nahafantatra Azy Izy Ireo

Ao amin'ny Filazantsaran'i Masindahy Lioka, ary manomboka amin'ny toko faha-24 ka ny telopolo-. . .ny andininy faha-31, na hilaza aho hoe ny andininy faha-30-n'ny toko faha-24.

> *Ary izao no niseho, raha nipetraka hisakafo niaraka tamin'izy ireo izy,* dia *nandray ny mofo izy, sy nisaotra an'izany, ary namaky an'*izany, *ka natolony azy ireo.*
>
> *Dia nahiratra ny mason'izy ireo, ka nahafantatra azy izy ireo; dia nanjavona teo imason'izy ireo izy.*
>
> *Dia nifampiresaka izy ireo hoe, Tsy nangorakoraka ve ny* fontsika *tao anatintsika, raha niresaka tamintsika izy teny, an-dàlana, ary rehefa nanokatra ny soratra tamintsika izy?*

2 Ary enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany. Ny lahateniko dia ho, raha hiantso azy aho izao hariva izao: *Dia Nahiratra Ny Mason'Izy Ireo Ka Nahafantatra Azy Izy Ireo*. Mafana ny andro ankehitriny, saingy maniry aho ny hahazakanareo am-paharetana mihitsy arak'izay vitanareo, mandritry ny fotoana fohy fotsiny, ary hiezaka handeha haingana aho. Fa ankehitriny dia te-hijery am-panajana ny Teny isika, ny Tenin'Andriamanitra mahafinaritra. Ary mivavaka isika mba Andriamanitra, amin'ny fomba iray, no hanokatra ny masontsika izao hariva izao.

3 Raha fankalazana zava-mitranga ara-tantara iray fotsiny ny Paska, ary izany irery ihany, amin'izay fotoana izay dia manana antony kely iray hisalasalana isika, manana antony kely iray hametraham-panontaniana isika, satria hijanona fotsiny eo amin'ny fisainana mihaja ny amin'ny fandraisana ny teny fotsiny izany. Ary raha tsy nanao an'ireo teny fikasana izay Nataony Kristy, amin'izay fotoana izay ihany koa isika, dia tsy hanana an'ilay porofo mihitsy izay ananantsika.

4 Fa ny Tompontsika finaritra no nilaza, fony Izy teto an-tany teto hoe, "Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao." Ankehitriny io teny *izao tontolo izao* eo io, dia avy amin'ny "lamin'ny tany, na ireo olon'ny tany." "Tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Kanefa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo

mihitsy aza, hatramin'ny faran'izao tontolo izao." Ankehitriny, ireo Teny ireo dia marina mihitsy tahaka an'ireo Teny hafa izay noresahantsika nandritr'ity herinandro ity, avy tao amin'ny Baiboly, marina mihitsy tahaka an'ireo Teny hafa ao amin'ny Baiboly. "Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Tsy hanana ny masony hisokatra mihitsy izy ireo." Misy ny olona izay teraka eo amin'izao tontolo izao, fa tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra, fa araka ny safidin'izy ireo manokana tia tena izay tsy hino Azy raha nitsangana teto mihitsy Izy niresaka taminareo izao hariva izao. Mampalahelo ny milaza an'izany, saingy ny Baiboly no nilaza hoe, "Teraka teto amin'ity izao tontolo izao ity izy ireo, ho amin'io fanamelohana io," Joda, ary eo amin'ny andininy faha-3.

5 Ankehitriny, fa ho anareo, izao hariva izao, izay tonga ka mitsangana manodidina ato amin'ny efitra, ary miara-mifanety ao anatin'ny tranobe kely mafana iray tahaka an'ity, dia tsy tonga mba ho hita fotsiny ianareo. Tonga ho an'ny tanjona iray ianareo. Ary, araka ny hevitro, dia tonga niaraka tamin'ny fahatsoram-pon'ny fonareo ianareo, ho an'ny fandehanana akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra, mba hiala avy eto, izao hariva izao, ho olona tsaratsara kokoa noho izay naha-izy anareo rehefa niditra ianareo. Izany no nivavahako raha niditra ny varavarana aho, izao hariva izao hoe, "Tompo, ataovy olona iray tsaratsara kokoa aho rehefa mivoaka, izao hariva izao, noho izay maha-izy ahy raha niditra aho." Ankehitriny rehefa Izy . . .

6 Talohan'ny Nandehanany, dia nanao an'ireto karazana filazana ireto Izy. Hoy Izy hoe, "Izay mino Ahy . . . " Masindahy Jaona, toko faha-14, andininy faha-7. "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa; hanao mihoatra noho izany aza izy, satria Aho mankany amin'Ny Raiko. Mandeha Aho, ary hiverina indray."

7 Ankehitriny dia ho hitantsika ireo asa izay Nataony. Ireo asa izay Nataony? Tsy nihambo ho olona malaza iray Izy, Lehilahy iray manetry tena fotsiny Izy. Tsy niresaka tamin'ny voambolana ambony iray Izy, niresaka tahaka ny Lehilahy tsotra iray fotsiny Izy. Niaina teo anivon'ny mahantra Izy, "ireo amboadia nanana lavaka, ary ireo vorona nanana akany, fa Izy dia tsy nanana toerana iray hametrahana ny Lohany." Nanana fitafiana anankiray Izy, izay nomena Azy, "notenomina izany, tsy nisy zaitra iray tao anatiny."

8 Izany no antony nanaovan'izy ireo loka an'izany. Nahoana izany? Satria tsy maintsy tanteraka ny faminanian'ny Testamenta Taloha hoe, "Nozarain'izy ireo ny Fitafiako, nilokàny ny Akanjoko." Noho izany dia tsy afaka nandrovitra azy tamin'ny alàlan'ilay zaitra izy ireo, tsy maintsy nilokàn'izy ireo izany, ary izany dia mba hahatanteraka ny faminanian'ny Testamenta Taloha.

9 Fa hahamarika isika, afaka fotoana fohy fotsiny, hoe inona no Nataony? Ary mino aho, izao hariva izao, fa izany no hanoanan'ny fontsika tsirairay avy, manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny antitra indrindra, izao hariva izao, dia ny hahita an'i Jesosy Kristy. Izany no fanirian'ny foko. Ary nahoana izany? Raha mihambo amin'ny alàlan'ny Soratra isika . . .

10 Manapoapoka an'izany ireo radio androany, mametraka eo amin'ny fandaharana ireo televiziona, ireo tantara an-tsehatra dia efa nilaza, fa, "Tsy eto Izy, fa efa nitsangana Izy!"

11 Eny, noho izany, raha efa nitsangana Izy, dia nilaza ny Baiboly, ao amin'ny Hebreo 13:8 hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ankehitriny, dia izao izany, ry havana. Na izany no Fahamarinana, na tsy izany no Fahamarinana. Fa, raha tsy izany no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia diso ny Baiboly, ary avy eo dia diso ireo Teny; ary amin'izay fotoana izay dia very isika, ka tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, ary mody-mino fotsiny isika. Fa raha izany no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy manamarina ny Tenany Izy.

12 Raha milaza ianareo fa mando ity rano ity; tsy mbola nahita rano mihitsy aho tany aloha. Raha ararakareo eo amiko izany, ka tsy mando, amin'izay fotoana izay ireo—tsy marina ireo teninareo. Fa raha ararakareo eo amiko izany, ka mando, amin'izay fotoana izay dia marina ny teninareo.

13 Raha Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, amin'izay fotoana izay dia marina ny Baiboly. Raha tsy Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, amin'izay fotoana izay dia tsy marina Izany. Raha tsy marina ireo Tenin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tsy marina Kristy. Noho izany, raha tsy marina ireo Tenin'Andriamanitra, dia tsy marina Andriamanitra. Fa, noho izany, raha marina ny Tenin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia marina ny Baiboly, marina Andriamanitra, Kristy, dia marina, ary tokony ho marina amin'ilay Antony isika. Marina!

14 Ankehitriny, rehefa teto an-tany Izy, dia tsy nihambo ho mpanasitrana iray malaza Izy. Firy no mahafantatra fa tsy nihambo ho mpanasitrana iray mihitsy ilay Zanak'Andriamanitra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina mihitsy. Hoy Izy hoe, "Tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenako Aho, fa izay Hitako ataon'ny Ray. Tsy Izaho no manao an'ireo asa," hoy Izy, "ny Ray izay mitoetra ato Amiko izany. Izy no manao an'ireo asa." Karazana asa inona no Nataony?

15 Hitantsika ao amin'ny Baiboly, rehefa voavonjy ny lehilahy iray amin'ny anarana hoe Filipo. Ary nandeha izy ka nahita sakaiza iray, Natanaela; lavitra tany, telopolo maily nanodidina

ny tendrombohitra. Nentiny niverina teo amin'i Jesosy izy. Ary rehefa hitany izy, dia teo ambanin'ny hazo iray, nivavaka. Ary hoy izy hoe, "Avia, hijery hoe Iza no hitanay; Jesosy avy any Nazareta, ilay zanak'i Josefa."

Hoy izy hoe, "Mety hisy zavatra tsara ve avy ao Nazareta?"

Hoy izy hoe, "Avia dia jereo."

16 Izany ilay porofo tsara indrindra izay fantatro. Aza mandray ny tenin'olon-kafa ho an'Izany. Avia, ianareo ihany no mijery! Hoy izy, "Avia ka jereo."

17 Ary rehefa tonga izy, dia nitsangana tao anatin'ilay laharana Jesosy, nivavaka ho an'ny olona angamba. Ary rehefa nanatona i Filipo, niaraka tamin'i Natanaela, dia hoy Jesosy hoe, "Indro ny Isiraelita iray, izay tsy misy fitaka ao aminy!"

18 Hoy izy hoe, "Oviana no nahafantaranao ahy, Raby?" Nahatalanjona azy izany. "Avy taiza no Nahafantaranao ahy?"

19 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, fony ianao teo ambanin'ilay hazo, dia efa nahita anao Aho." Telopolo maily lavitra, tany ambadiky ny tendrombohitra iray, kanefa, "Efa nahita anao Aho."

20 Izany no naneho hoe Iza Izy. Izy no Andriamanitra manatrika mandrakariva; tsy hoe mpaminany iray fotsiny, fa Andriamanitra Izy tenany voaseho tao amin'ny nofo. Izany no antony Nahafahany nanolotra an'ilay izy, ny Ainy, teo, dia naka an'izany indray.

21 Nivoaka ny vehivavy kely iray mba hanovo rano vitsivitsy indray andro. Ary niresaka taminy izy, ka nanao hoe, "Ravehivavy, itondray Aho hosotroiko!"

22 Hoy izy hoe, "Tsy fanao aminareo Jiosy ny mangataka aminay, Samaritana, ny tahaka an'izany. Tsy manana fifanarahana isika."

23 Hoy Izy hoe, "Fa raha fantatrao hoe Iza no niresaka taminao, dia ianao no hangataka Amiko hosotroina. Izaho no hanome anao Rano izay tsy ahatongavanao hanovo eto."

24 Dia hoy izy hoe, "Lalina ny fantsakana, Tompoko. Tsy manana na inona na inona hanovozana Ianao, ka aiza no Ahafahanao hahazo an'izany Rano izany."

25 Inona no Nataony? Nifandray tamin'ny fanahiny. Ary rehefa Hitany hoe inona ny olany, ny olany dia hoe niaina tao anatin'ny fijangajangana izy. Efa nanana vady dimy izy, ary niaina niaraka tamin'ilay faheniny.

Dia hoy Jesosy taminy hoe, "Mandehana, alaivo ny vadinao, ka tongava eto."

Dia hoy izy hoe, "Tsy manam-bady mihitsy aho."

26 Hoy Izy hoe, "Tsia, efa nanana dimy ianao, ary ilay
anankiray izay iarahanao miaina dia tsy anao. Noho izany, dia
tsara ny nolazainao."

27 Jereo ankehitriny, ilay Jiosy. Rehefa nanao an'io fahagagana
io taminy Jesosy, io tena Jiosy iringiriny io, tena, Jiosy
marina, dia nanao hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra, ny
Mpanjakan'ny Isiraely." Fantany fa ireo famantarana ireo dia
natao hanaraka ny Mesia.

28 Ary ankehitriny dia indro ny Samaritana iray. Rehefa natao
teo aminy io fahagagana io, dia hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa
Mpaminany iray Ianao. Fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, dia
Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo. Fa Iza moa Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Izaho izay miresaka aminao no Izy."

29 Navelany ny sinin-dranony, ka nihazakazaka nankany an-
tanàna izy, dia nanao hoe, "Avia, jereo ny Lehilahy iray Izay
niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no ilay
tena Mesia?" Izany tokoa.

30 Mitohy manerana ny Soratra no ahafahantsika maka
an'izany, hoe ahoana no Nanaovany an'ireo zavatra izay
nasehon'ny Ray Taminy. Ny Baiboly dia nilaza, any amin'ny
Masindahy Jaona any, rehefa nanontany Azy izy ireo mikasika
ny hoe nahoana Izy no tsy nanasitrana an'ireo olona kilemaina
rehetra, ka hoy Izy hoe, "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko
aminareo." Masindahy Jaona 5:19, "Marina tokoa, marina tokoa,
Lazaiko aminareo, ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na
inona amin'ny Tenany; fa izay Hitany ataon'ny Ray, dia toy izany
koa no ataon'ny Zanaka."

31 Ankehitriny, raha nitsangana tamin'ny maty Kristy, ka
eo anivontsika androany; ary nampanantena fa ireo zavatra
iray ihany izay Nataony, no hataontsika koa; dia na izany no
Fahamarinana, na tsy izany no Fahamarinana. Hoy ny Baiboly
hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

32 Ary, ry sakaiza, faly fotsiny aho ny mahafantatra, androany,
fa izaho marina tokoa, miaraka amin'izay rehetra ato anatiko,
dia mino fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra. Izy dia
notorotoronina sy teraka, tamin'ny fahaterahana madio. Nijaly
teo ambanin'i Pontio Pilato Izy; nohomboana, maty, nalevina,
nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo; ary niakatra
any An-danitra, ka mipetraka eo an-tànana ankavanan'Ny
Fiandrianany. Ary eto ny Fanahy Masina manohy an'ilay asa iray
ihany izay Nataony fony Izy teto an-tany. Fisainana iray tsara
tarehy toy ny inona!

33 Maraina iray tsara tarehy toy ny inona, ilay marainan'ny
fitsanganana voalohany, ilay Paska voalohany izay hany niseho
teto an-tany! Fantatrareo ve fa ity Paska izay ankalazaintsika
ity, an'ny Fitsanganany, dia manondro Paska iray lehibe fotsiny
ihany izay ho avy, ilay ora izay Ihaviany avy any An-danitra?

Ary izay rehetra maty ao amin'i Kristy dia hitsangana ka handeha hiaraka Aminy. Isika dia manantena fotsiny ihany an'io, Paska lehibe io, ho avy. Ary, androany, dia tsara tarehy toy ny inona, fampiononana iray toy ny inona, porofo iray toy ny inona no ananantsika, rehefa ny Baiboly no manambara an'izany, rehefa ny Fanatrehany mandrakariva no manambara an'izany, rehefa Ny Heriny manasitrana no manambara an'izany, rehefa Ny Fanahiny lehibe no manambara an'izany, rehefa ny zavatra rehetra ao amin'ny natiora no manambara an'izany, Ny Fiangonany no manambara an'izany, ny foko no manambara an'izany, ny fon'ny olona nateraka indray rehetra no manambara an'izany, hoe, "Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, ka ho avy indray! Ary Izy no tsy miova ankehitriny, 'Omaly, anio, ary mandrakizay!'" Mariho ankehitriny.

34 Izany dia tamin'io marainan'ny Paska tsara tarehy io. Efa nisy tsaho betsaka, resaka. Niverina avy tany amin'ny fasana ireo vehivavy sasany, ka nilaza fa nahita fahitana iray an'ny Anjely izy ireo. Ary nataon'izy ireo fa mpiandry saha izany; Maria, ilay reny, satria nandre feo iray izy niteny taoriany, ka nanao hoe, "Iza no tadiavinao?" Ary rehefa nitodika Izy . . .

35 Nitodika izy, ka nanao hoe, "Nentin'izy ireo ny Tompoko. Tsy fantatro hoe aiza no nametrahan'izy ireo Azy. Raha Fantatrao, dia teneno amiko hoe aiza no misy Azy, ary handeha haka Azy aho."

Nitodika Izy, ka nanao hoe, "Maria."

36 Dia nijery Azy izy, ka hoy izy hoe, "Rabôny," izay midika hoe, "Mpampianatra!"

37 Hoy Izy hoe, "Aza mikasika Ahy, fa tsy mbola niakatra Aho. Fa hiakatra ho any amin'ny Rainao Aho, sy ho any amin'Ny Raiko; ho any amin'ny Andriamanitro, sy ho any amin'ny Andriamanitrao. Fa mandehana, teneno ireo Mpianatro fa hihaona amin'izy ireo any Galilia Aho."

38 Ahoana fa toy ny angano fandanian'andro iray izany, ny amin'io Lehilahy izay efa hitan'izy ireo nosorana io; ary maty, nalevina, ary io no andro fahefatra, na andro fahatelo hatramin'ny nahafaty Azy. Kivy i Petera, ka te-handeha hanjono izy. Nilaza ny roa tamin'izy ireo, ny anankiray amin'ny anarana hoe Kleopasy, nanao hoe, "Handeha hiverina hody fotsiny isika, ho any Jerosalema." Ary teny amin'ny làlan'izy ireo, nandeha teo, tamin'io maraina io. Rehefa naka ny haranjonony i Petera ka lasa, nanjono. Teny amin'ny làlany ireto anankiroa ireto, nalahelo. Ary raha nandeha teny amin'ny làlany izy ireo, dia nanao hoe, "Eny, ataoko fa tsy mendrika hiainana intsony ny fiainana. Oh, ahoana fa isika dia nino fa Izy no Mesia! Ahoana no nahafahan'io Lehilahy io, Izay nanangana ny maty, mba nitsangana ka namela an'io mpisoronabe io naneso Azy? Ahoana no nahafahan'io Lehilahy io, Izay afaka

nahita fahitana sy fahitana, mba namela miaramila Romana iray nametraka vorodamba nanodidina ny Tarehiny, sy nikapoka Azy teo amin'ny loha, ary nanao hoe, 'Raha mpaminany iray Ianao, dia teneno aminay hoe iza no nikapoka Anao'? Ahoana no Nahafahany niantsoantso famindrampo, teo amin'ny hazo fijaliana, nefa dia afaka nanangana ny maty mihitsy aza Izy?" Oh, fotoana mahakivy iray izany!

39 Ary ireo fotoana mahakivy ireo dia tonga amin'ny mpino tsirairay, mba hitsapana anareo, sy hizahana toetra anareo, ary hahitana raha tena mino marina tokoa ianareo. "Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra, dia tsy maintsy tsapaina aloha, zanaka voaofana."

40 Hisy ny sasany aminareo eto izao hariva izao, tsy isalasalana, handalo amin'io fitsapana iray io ihany. Raha tsy maintsy hiantso laharam-bavaka iray isika, tsy manana hevitra aho hoe iza no manana karatra fangataham-bavaka, tsy misy anankiray hafa mahafantatra; nampifangaroina niaraka fotsiny izy rehetra, ary natolotra anareo. Hiantso avy any ho any aho, na avy aiza na avy aiza izay ao an-tsaiko amin'ilay fotoana. Tsy afaka maka afa-tsy vitsy isika amin'ny fotoana iray. Eo amin'ny roa ambin'ny folo, angamba, no handalo eo amin'ny laharam-bavaka. Te-ho avy ny rehetra. Mety mihevitra ianareo fa nandalo anareo fotsiny Izy, saingy tsy nandalo Izy. Mitsapa anareo fotsiny Izy, mijery fotsiny raha tena hino Azy marina tokoa ianareo. Tsy manasitrana ny fahitana; manamarina Ny Fanatrehany fotsiny ihany ny fahitana.

41 Nipetraka teto fotsiny aho, nijery fotsiny ankehitriny nankany amin'ny mpanatrika. Ary hitako ny—ny sakaizako iray, Rtoa. Cox, avy any Kentucky any. Nanana homamiadana goavana iray izy teo amin'ny tarehiny, herinandro vitsy lasa izay, nihinana nanodidina ny masony mihitsy. Teo am-pahafatesana izy. Rtoa. Wood, ny sakaizako tsara, dia niantso ahy teo amin'ny telefona, ary nitomany, nanao hoe, "Mino aho fa hihinana ny mason'i neny tanteraka ilay izy, ao anatin'ny andro vitsy." Ilay dokotera no nanimba azy, tamin'ny karazan-javatra iray, ka nanaparitaka azy. Tao anatin'ny fahavoazana mahatsiravina iray izany. Niditra aho ary nanolotra vavaka iray tsotra, kely, niaraka tamin'ny finoana nifikitra, mba hitrangan'izany. Ary indro izy mipetraka eto izao hariva izao, ara-dalàna tanteraka sy salama; tsy misy pentina iray an'izany akory aza tavela, sitrana tanteraka ilay izy, teo amin'ny tarehiny. Mipetraka eto anoloantsika mihitsy. Ireo hafa manerana, miaraka amin'ilay zavatra iray ihany. Nahoana? Izany dia satria nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy, ary velona Izy.

42 Ilay Anankiray ihany izay afaka nikasika boka iray, ka nanao hoe, "Mety Aho, aoka hadio," dia afaka mikasika homamiadana iray ka manao hoe, "Mety Aho, aoka hadio," raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

43 Ary raha nandeha i Kleopasy sy izy ireo, kivy, dia karazan'ny tao anatin'ny iray tamin'ireo maraina malahelo ireo izy ireo, toy ny hoe lasa ratsy ny zavatra rehetra. Ary tampoka teo, dia nisy Olona iray nivoaka, toy ny hoe tonga taorian'izy ireo Izy, nandeha ary nahatratra azy ireo. Ary kely no nahafantaran'izy ireo hoe ny Tompo Jesosy io! Velona Izy, nefa maro ireo olona izay tia Azy no tsy nahafantatra an'izany.

44 Ary tahaka an'izany ilay izy androany. Misy olona maro androany izay tia ny Tompo, nefa tsy mahalala. Afaka miteny amin'izy ireo mikasika an'izany ianareo, kanefa tsy afaka manaiky izy ireo fa velona mandrakizay Izy, izao hariva izao, hoe ato amin'ity fiangonana ity Izy izao hariva izao, hoe eo afovoantsika Izy, ary ho eo mandra-Pihaviny ao amin'ilay vatana ara-batana, an'ny tena. "Tsy hamela anao mihitsy Aho na handao anao."

45 Ary raha nandeha izy ireo, dia nanomboka niresaka, nanerana ny làlana. Jesosy, tiako ianareo hanamarika an'ilay zavatra voalohany izay nataon'i Jesosy, nandeha avy hatrany teo amin'ny Soratra. Hoy Izy hoe, "Oh, ry votsa fo, sarotra ho anareo ve ny hino an'izay nolazain'ireo mpaminany?" Satria, vao avy nanontany azy ireo Izy hoe, "Nahoana ianareo no tena malahelo?"

46 Dia hoy izy ireo hoe, "Vahiny iray ve Ianao? Tsy Fantatrao ve fa Jesosy avy any Nazareta, Izay noheverinay ho ny Mesia, ilay Mpanafaka an'ny Isiraely, tsy fantatrao ve fa izao mihitsy aza no andro fahatelo hatramin'ny nanohomboana Azy? Lehilahy mahery iray Izy, tamin'ny Teny. Mpaminany mahery iray Izy, satria nisy fahagagana maro sy ny sisa, nataon'Andriamanitra tamin'ny Alàlany. Ary izao no andro fahatelo; ary ankehitriny dia izy ireo no namono Azy, sy nandevina Azy, ary ao anatin'ny fasana Izy. Ary nanatona anay ny vehivavy sasantsasany ka niteny taminay fa nitsangana tamin'ny maty Izy. Ary fantatray fa angano adaladala iray fotsiny izany, noho izany dia eo amin'ny làlanay miverina izahay."

47 Tamin'io fotoana io no Nanombohany nanokatra ny Teny. Oh, tiako ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay! Nanomboka nitety an'ireo Soratra Izy, nanomboka tamin'i Mosesy. Tsy namela na inona na inona tsy voambara mihitsy Izy, nandeha avy hatrany teo amin'ny Teny Izy!

48 Ny lehilahy nirahin'Andriamanitra rehetra, tsy ahoako na iza izy, hijanona amin'ny Tenin'Andriamanitra izy. Raha tsy mijanona izy, dia tsy mpanompon'Andriamanitra mahatoky iray.

49 Nandeha avy hatrany teo amin'ny Teny Izy. Ary Nasehony, tamin'ny alàlan'ny Teny, fa tsy maintsy maty Kristy, hitsangana indray, ary hiditra ao amin'Ny Voninahiny. Ankehitriny, oh, ahoana fa tsy maintsy niresaka izy ireo!

50 Tiako ny ho nanana an'io ora vitsy kely niresahana Taminy io (ary ianareo?) nanerana ny lalàna. Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, azoko antoka fa ho tiako. Maniry aho ny ho afaka." Eny, afaka mahazo an'izany ianareo izao ankehitriny izao. Izany no Izy izay miresaka aminareo, ao am-ponareo. Ianareo fotsiny no tsy mahafantatra an'izany.

51 Mariho ankehitriny raha nanakaiky ny tanàna Izy, tonga ny hariva, Izy dia mody nanao toy ny hoe handeha hanohy Izy.

52 Izy dia mety manao an'izany aminareo, ihany koa. Mety manao anareo hihevitra Izy fa handeha hanohy Izy, saingy tsy handeha Izy. Tsy hanohy Izy. Mila anareo hanasa Azy fotsiny Izy.

53 Ary hoy izy ireo Taminy hoe, "Oh, efa lasa lavitra ny andro. Aza manohy ankehitriny, fa midira azafady ka mitoera miaraka aminay." Omeo Azy fotsiny io karazana fanasana iray io, dia jereo izay hiseho. Hoy izy ireo, "Efa lasa lavitra ny andro ankehitriny, avia Ianao ka mitoera miaraka aminay. Mandroso ho hariva ny andro." Noho izany dia niverina Izy ary niditra, tao amin'ilay trano fisakafoana kely, ilay tranom-bahiny kely.

Mbola manana an'izany foana izy ireo any Eoropa. Mihinana ianareo dia matory, ary ny zavatra rehetra dia aloa ao amin'ny faktiora anankiray, ny hotelinareo.

54 Ary rehefa niditra tao anatiny niaraka tamin'izy ireo Izy! Ity ilay ampahany tsara tarehy. Nandritr'io andro io, raha mbola niresaka Taminy izy ireo, dia tsy nilaza zavatra anankiray mihitsy Izy. Kanefa, efa nandeha niaraka Taminy izy ireo ary niresaka Taminy, tany aloha, nefa tsy nahafantatra an'izany.

55 Iza no niaro anareo tamin'io loza io indray andro? Iza no namela an'io zazakely io ho salama? Iza no nandoa an'ilay faktioran'enta-madinika ho anareo? Izy izany, saingy tsy fantatrareo fotsiny izany. Iza ilay nanome fahasalamana ho anareo mba hahatongavana aty am-piangonana izao hariva izao? Izy izany, saingy tsy fantatrareo izany. Oh, raha afaka manao fotsiny tahaka azy ireo mantsy isika, manasa Azy hiditra fotsiny!

56 Ary rehefa niditra Izy, niditra tao anatiny, nikatona ireo varavarana, tamin'izay fotoana izay dia nanao zavatra iray Izy izay tsy misy olon-kafa afaka hanao azy tahaka an'io. Izy no Anankiray izay afaka manao an'izany, satria efa niaraka Taminy izy ireo talohan'ny fanohomboana Azy. Ary Noraisiny ilay mofo, ary, tahaka ny efa Nanaovany azy fotsiny, izany no Fombany Manokana anaovana azy. Dia nisokatra ny mason'izy ireo, ka fantatr'izy ireo fa tsy misy afa-tsy Izy ihany io. Tsy naharitra tena ela be niaraka tamin'izy ireo Izy. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Nanjavona teo imason'izy ireo Izy, vetivety fotsiny.

57 Ary teny amin'ny làlan'izy ireo, dia niverina haingana arak'izay nahafahany nandeha izy ireo, maivan-tongotra, nihiakiaka fandresena fotsiny, mba hiteny amin'izy ireo hoe, "Efa nitsangana tokoa ny Tompo!" Tsy niverina izy ireo mba hiady hevitra ny amin'ny fivavahany. Tsy niverina izy ireo mba hifamaly mikasika an'Izany. Fa fantatr'izy ireo fotsiny fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy!

58 Ankehitriny, ry sakaiza, raha Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona, taorian'ny sivinjato sy arivo taona lasa; raha marina ny Baiboly, hoy Izy hoe, "Velona mandrakizay Aho"; dia tena velona mihitsy Izy eto, ato amin'ity tranobe ity izao hariva izao, tahaka Azy tamin'ny andron'ny Fitsanganany. Ao anatin'ny vatana iray fotsiny Izy.

59 Niara-niangona ny sasany tamin'izy ireo. Ary niditra teo amin'ny rindrina mihitsy Izy, niseho avy hatrany, nankeo afovoan'izy ireo, nanao hoe, "Indro, tsapao Aho. Jereo ireo Holatro eo amin'ny Tànako. Manana nofo sy taolana tahaka ny Ananako ve ny fanahy iray?" Hoy Izy hoe, "Omeo zavatra ho hanina Aho." Dia nomen'izy ireo trondro sy mofo Izy. Ary nitsangana teo Izy ka nihinana an'izany, teo anatrehan'izy ireo, nanao hoe, "Tsy mihinana tahaka ny ahitanareo Ahy mihinana ny fanahy iray."

60 Inona Izy? Izy io Jehovah Andriamanitra lehibe, velona izay eto afovoantsika izao hariva izao io. Izy dia eo afovoany na aiza na aiza misy roa na telo miangona: "Ho eo afovoan'izy ireo Aho."

61 Ary ankehitriny dia ity no eritreretiko. Raha ho tonga eto amin'ity fanatrehan'olona ity Kristy, raha mbola tsemboka ianareo, miandry; ka hanaporofo, eo amin'ity Paska ity, fa velona Izy, ary mitsangana ato anatin'ity tranobe ity izao hariva izao; amin'izay fotoana izay dia manana zò hangataka Aminy ny zavatra rehetra izay Nahafatesany ianareo, ka mino fa ho azonareo izany. Mino an'izany ho ny Fahamarinana ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany tokoa, izany no izy.

62 Ankehitriny, afaka miresaka aminareo ela aho, saingy Teny anankiray avy amin'i Kristy dia hidika betsaka noho ny teny rehetra izay azoko resahana; reraka sy trotraka ao amin'ny feo, ary vizaka tahaka an'izany ao amin'ny feo.

63 Ary avy eo dia zavatra hafa iray, eo am-piresahana. Sarotra ilay izy, satria ity no tranoko, hananana fivoriana iray mahomby miaraka amin'ny hosotry ny Fanahy tahaka an'izao. Nahoana? Satria ity no tranoko. Jesosy no nilaza hoe, "Ny mpaminany iray, ao an-tranony manokana, ao amin'ny fireneny manokana, ao amin'ny zara-taniny manokana mihitsy aza." Zavatra iray fotsiny izay mitranga tahaka an'izany ilay izy.

64 Nilaza izy ireo fa rehefa nandeha nankany amin'ny Tranony Manokana Izy, dia hoy izy ireo hoe, "Tsy ity ve no zanak'ilay

mpandrafitra? Tsy ny Reniny, Maria, ve no miaraka amintsika eto? Tsy eto ve ireo Rahalahiny rehetra, sy ireo Anabaviny? Tsy fantatsika ve izy ireo? Avy tamin'ny sekoly inona no Nivoahany? Seminera inona no Nahazoany diplaoma? Inona ireo taratasim-panendrena Entiny?" Ary tsy avy tamin'ny sekoly iray mihitsy Izy na seminera iray, na taratasim-panendrena iray, fa avy tamin'Andriamanitra Izy. Saingy tsy afaka nahita an'izany izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Taiza no Nahazoany an'izany fahendrena izany?"

65 Ary rehefa nahita Azy namantatra an'ireo fisainan'ny olona ireo izy ireo. Rehefa nanatona Azy i Petera, dia hoy Izy hoe, "Ny anaranao dia Simona. Ny anaran'ny dadanao dia Jonasy."

Nandavo azy ireo izany! "Ahoana no Nahafantarany azy ireo?"

66 Nitsangana teo ireo Fariseo, ka nanao hoe, "Belzeboba iray Izy. Izy no lohan'ireo mpanao hatsarana. Devoly iray Izy!"

67 Dia hoy Jesosy hoe, "Milaza an'izany manohitra Ahy ianareo, ilay Zanak'olona, havela aminareo izany. Fa rehefa tonga ny Fanahy Masina ka manao an'ilay zavatra iray ihany, ary miteny teny anankiray manohitra an'Izany ianareo, dia tsy ho avela aminareo mihitsy izany, amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy." Noho izany, dia zava-doza iray izany. Noho izany dia ahoana no Nahafantarany? Nahoana Izy no nilaza an'izany? Fantany fa hitsahatra ireo famantarana ireo mandra-pahatongan'ity andro farany ity.

68 Ary ity andro farany ity, Izy dia tsy ho marina, raha handraraka ny Fahatezerany eo amin'ny vahoaka marina iray. Izy ireo dia . . . Nolanjaina teo amin'ny mizàna isika, ka hita fa maivana. Ny hany eritreretintsika dia ireo fotoana goavana, ireo fandaharan'ny radio, tsy voasivana, Elvis Presley, Arthur Godfrey, kivazivazy ratsy maloto, ireo olo-malazan'ny radio sy televiziona. Mijanona any an-trano isika ny Alarobia hariva, miala amin'ny fivoriam-bavaka, mba hijery fahadalana tahaka an'izany, nefa ve dia miantso ny tenantsika hoe Kristiana?

69 Avy eo rehefa mandraraka Ny Fanahiny Andriamanitra, ka maneho an'ireo famantaran'ny Fitsanganany, dia manameloka an'Izany isika ka miala lavitra. Ary izany no fahotana tsy azo avela, ny manao an'izany. Hoy Jesosy hoe, "Ny miteny teny anankiray manohitra an'Izany, dia tsy ho avela mihitsy izany, amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy." Noho izany dia tsy maintsy tonga io Fanahy io amin'ity andro farany ity, mba hanaporofo an'io Tenin'Andriamanitra io ho marina.

70 Ary milaza aho, eo ambanin'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny fahatsapan'ny fanahiko manokana hoe: io Fanahy Masina iray io ihany (Fanahy) dia eto afovoan'ity vahoaka ity mihitsy ankehitriny. Ankehitriny, nanambara aho fa nitsangana tamin'ny maty Izy. Nanambara aho fa velona Izy,

velona mandrakizay. Nanambara aho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay; ilay tsy miova ao amin'ny fitsipika, ilay tsy miova ao amin'ny Hery; ilay tsy miova ao amin'ny zavatra rehetra, ny rehetra afa-tsy ny Vatany ara-batana izay mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra sy ny Fiandrianana, ao amin'ny Voninahitra. Fa ny Fanahy Masina dia eto, miasa, mihetsika, manatanteraka, manao marina tokoa tahaka ny nataon'i Jesosy Kristy, satria izany no porofon'ny Fitsanganany. Ora iray tsara tarehy toy ny inona! Ankehitriny dia ataoko fa hitanareo izay ijoroako.

71 Ankehitriny, tsy miaraka amin'ity olona kely, eo amin'ny zato ity ihany, na olona roanjato ato—ato amin'ity tranobe kely ity, mifanety ato izao hariva izao, fa efa nanao filazana teo anatrehan'ny an'alinaliny aho, sy an'hetsiny. Nihazona ny Baiboly teo amin'ny tànana iray, ary ny Koran teo amin'ilay hafa, nanao hoe, "ny anankiray dia marina, ary ilay iray hafa dia diso." Ary nihaika ny pretra Mohametana tsirairay mba ho avy ka hanaporofo; na ny hafa rehetra, Bouddha, na mety ho inona izy, nanohitra ny Koran, ary nanohitra ny fivavahan'izy ireo. Saingy nijanona nangina ny olona rehetra.

72 Fa, rahalahy, ny antony anaovako an'izany, dia satria fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy! Ary Izy no Fahamarinana. Velona Jesosy Kristy. Eto Izy!

73 Ankehitriny dia tsy misy na inona na inona azoko atao amin'ny alàlan'ny tenako, fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra iray izany. "Ahoana no anaovanao an'izany?" Manolotra ny tenanareo fotsiny izany.

74 Ato amin'ity tranobe ity mihitsy ankehitriny dia misy Anjely maro, maro. Hoy ianareo hoe, "Ny Soratra ve izany?" Ny Baiboly izany. Mamelà ahy haneho aminareo. Firy no Kristiana eto, atsangano ny tànanareo? Eny àry, afaka mampidina azy ireo ianareo. Ny Baiboly dia nilaza hoe, "Ireo Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy." Noho izany, dia misy Anjely eto!

75 Avy eo dia hoy Kristy hoe, "Na aiza na aiza misy roa na telo miangona amin'Ny Anarako, dia ho eo afovoan'izy ireo Aho." Noho izany, dia eto Izy! Ny zavatra tokana dia, tsy afaka mahita Azy ianareo, fa amin'ny finoana no inoantsika an'izany.

76 Afaka manaporofo aminareo aho fa io radio io dia tonga manerana eto, ihany koa, ireo feo. Afaka manaporofo aminareo aho fa ireo sary dia tonga manerana eto. Tsy ho azo eto amin'*ity* fantsona eto ity izany; tsy ho azo eto amin'*ity*, ity kristaly ity izany, eto amin'ity fanamafisam-peo ity; tsy ho tonga eo amin'*ity* singam-pitaovana ity koa izany, satria tsy tahaka an'izany no nanaovana azy. Fa misy singam-pitaovana iray izay hamokatra an'io sary io.

77 Ary Andriamanitra dia nametraka ny sasany tao amin'ny Fiangonana, voalohany apostoly, avy eo dia mpaminany, mpampianatra, evanjelista, ary pasitera, ny rehetra ho an'ny fahatanterahan'ilay Fiangonana. Ahoana no ahafahantsika handà ny anankiray, ary hilaza fa tsy tahaka an'izany ilay anankiray hafa? Andriamanitra no manao an'izany, Izy tenany. Tsy misy na inona na inona mihitsy afa-tsy ny manolotra fotsiny ny tenanareo ho an'ny Fanahy Masina. Ary ny Fanahy Masina no mifehy manomboka eo, ka tsy fantatrareo izay ataonareo. Izany no asa masi-mandidin'ny Fanahy Masina.

78 Ankehitriny, ry sakaiza, ry tanàna fonenako. Ary tiako ny hilaza an'ity ankehitriny, alohan'ny hamaranana an'ity fifohazana ity. Indray andro any dia tsy hisy na dia lavenona iray aza tavela eto Jeffersonville, tsy hisy anankiray tavela any Charlestown, tsy hisy anankiray tavela any Louisville. Vonona ho an'ny fitsarana ity izao tontolo izao ity. Manana baomba hydrogène iray izy ireo ankehitriny izay azon'i Rosia tifirina avy any Moscou, mandatsaka an'izany ao Fourth Street, ary haka ny tsirairay avy amin'ireo ozinin'ny vanja manodidina eto ireo, ka mandentika an'izany any amin'ny dimy amby fitopolo dian-tongotra any ambanin'ny tany, amin'ny baomba anankiray. Baomba anankiray; dimy ambin'ny folo maily tora-droa, izany dia handeha any amin'ny dimampolo amby zato dian-tongotra any anatin'ny tany. Eo amin'ny fanapihana ilay tànana. Mipiapiaka ilay famantarananandro. Efa tara noho izay heverinareo izao. Nahoana no hiandry hatramin'io fotoana io?

79 Tsarovy, "Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray isika efa miandry." Aza matahotra an'ireo baomba hydrogène na zavatra hafa. Raha mbola manana an'i Kristy foana ao am-ponareo ianareo, dia izany no fialofana amin'ny baomba tsara indrindra izay fantatro. Vita avy tamin'ny volom-borona izany; eo ambanin'ireo Elany, no itoeranareo. Noho izany dia aza manahy ny amin'ireo zavatra ireo, raha Kristiana iray ianareo.

80 Fa raha tsy Kristiana iray ianareo, dia mitsangana ao amin'ny toerana mahatsiravina iray. Tsy fantatrareo hoe amin'ny minitra inona no hijanonan'ny fonareo tsy hidoboka. Nilaza ny Baiboly fa ny olona dia ho faty amin'ny andro farany, amin'ny aretim-po, "Ketraka ny fon'ny lehilahy, tahotra, fotoan'ny fahaverezan-kevitra, fahoriana eo amin'ireo firenena." Jereo hoe inona koa, impolo lavitra amin'ny lehilahy no maty, nohon'ny vehivavy; tsy nilaza mihitsy ny Baiboly hoe ho ketraka ny fon'ny vehivavy, izao no Lazainy hoe, "Ho ketraka ny fon'ny lehilahy." Izany mihitsy tokoa ilay izy, tanteraka tokoa.

81 Indray andro tany Oakland, tany San Francisco tany izaho sy ny vadiko, ilay horohoron-tany lehibe nanozongozona. Ary nanomboka nandoa sy nitsakoahana ny tany teo, hany ka nihilangilana ireo tranobe, ary nilatsaka ireo fivoahan-

tsetroka. Ireo vongan-drivotra lehibe dia nandeha niakatra tahaka an'*izao*, niaraka tamin'ny setroka tao anatiny, na molaly, na mety ho inona ilay izy, avy teo amin'ireo toerana ireo. Ary nihazakazaka nankeny an-dàlambe ny olona, niantsoantso. Nieritreritra aho hoe, "Ho inona izany rehefa miseho marina tokoa ny Tompo?" Ireo toeram-pivarotana toaka, manohy hatrany, mametraka ny toakany, eo amin'ireo talantalana, ary mivarotra an'izany. Tonga ny olona mba hividy an'izany. Tsy afaka hividy an'izany ny olona raha tsy nisy olona nivarotra azy. Marina izany.

82 Izany dia, isika no ilay meloka. Mamelà ahy hiteny aminareo, rahalahy. Amerikana iray aho, ary tiako ny fireneko. Fa ity firenena tranainy ity dia voalanja eo amin'ny fandanjana, ary hita fa maivana. Eo am-pilentehana izy, azo antoka tahaka ahy mpitoriteny iray eto ambadik'ity polipitra ity izao hariva izao. Milaza an'izany aho ankehitriny mba hahita fitia amin'Andriamanitra. Milaza an'izany aho satria Andriamanitra no mametraka an'izany ao am-poko mba hilaza azy. Ary ny zavatra tsara indrindra hataonareo dia ny mivonona amin'ny Fihavian'ny Tompo.

83 Ankehitriny dia minoa Azy, manàna finoana Azy. Ankehitriny, ny teny rehetra izay azoko lazaina, dia lazaiko indray, fa tsy hidika na inona na inona amin'izay ho lazain'i Jesosy. Fa fantatrareo ve hoe aiza no itsanganako, miaraka amin'ity vondron'olona ity izao hariva izao? Na diso fanapaka aho, diso fandika zavatra iray, na niteny ny Fahamarinana. Ankehitriny raha nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy, ka, nampanantena, fa ireo zavatra iray ihany izay Nataony no hataontsika koa. Ary efa nanambara aho, hatramin'ny naha-zazalahy kely iray . . .

84 Tsy mbola valo ambin'ny folo volana aho, heveriko, saingy tsy nihoatra ny roa taona, na ahoana na ahoana, rehefa nahita ny fahitako voalohany. Izany dia, efa nisy, tamin'ny fiainako rehetra. Ny olona ato amin'ny tabernakla, dia mahafantatra an'izany. Raha mbola teto foana aho, dia tsy nisy fotoana iray hany nahadiso an'izany. Ary tsy ho diso mihitsy izany, satria Andriamanitra izany. Nandeha nanerana an'izao tontolo izao izany, nirehitra ny fifohazana lehibe iray. Ary ankehitriny, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia eo amin'ny fanahy faharoa tapitrisako aho, tao amin'ny fivoriako manokana, azoko ho an'ny Tompo Jesosy. Faharoa tapitrisa, marina izany. Ary eritrereto fotsiny ny amin'ireo an-tapitrisany hafa izay nivoaka, Oral Roberts, ireo lelan'afo kely izay mirehitra avy amin'ilay zavatra, ary nitohy, an'alinaliny, hany ka misy fifohazana goavana be anankiray an'ny Herin'Andriamanitra manodidina an'izao tontolo izao, mihetsika. Ary mandefa ny karazana zavatra sandoka rehetra ny devoly, hanohitra an'Izany. Fa ilay tena, Tenin'Andriamanitra marina dia handeha mahitsy hatrany

amin'ny farany. Tsy ho diso mihitsy Izany! "Izaho Tompo no namboly azy. Izaho no hanondraka azy andro aman'alina, fandrao hisy anankiray handrombaka azy amin'ny Tànako."

85 Ankehitriny, izao hariva izao, nanambara aho fa nitsangana tamin'ny maty Kristy. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo. Raha hanao an'izany Izy, amin'izay fotoana izay ianareo dia . . . Raha mino an'izany ianareo, hitahy anareo anie Andriamanitra. Mangataha Aminy, amin'izay fotoana izay, rehefa tonga eo amin'ny sehatra Izy. Raha hiseho eto amin'ity lampihazo ity Kristy! Fihaikana ity. Raha Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, no hiseho eto amin'ny lampihazo eto mihitsy, ka hanao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony fony Izy teto an-tany teto, dia hino Azy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

86 Jereo Izy, teo amin'ny làlana nankany Emaosy, ahoana ireo zazalahy ireo, namaky . . . Rehefa namaky an'io mofo io Izy, dia nanao zavatra iray Izy teo izay tsy azon'ny olon-kafa natao. Zavatra iray izay Kristy irery ihany no afaka nanao azy. Ary nahafantatra an'izany izy ireo.

87 Ankehitriny raha hanao an'ilay zavatra iray ihany Izy eto, izay Kristy irery ihany no afaka hanao azy; tsy zavatra sandoka iray, fa ilay tena zavatra izay Nataony mihitsy; amin'izay fotoana izay dia minoa Azy, raiso Izy, manàna finoana Azy, tiavo Izy, tompoy Izy.

88 Mamelà ahy hiteny aminareo, aza mikambana amin'ny fiangonana fotsiny ankehitriny. Tsy hety izany. Tsy maintsy ateraka indray ianareo. Tsy fahataitairana ara-pientanam-po iray; tsy zavatra kely iray izay lazainareo hoe, "Eny, nihiakiaka aho. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Izaho nanao an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*." Rehefa ao am-ponareo lalina ao marina tokoa, no tonga ny Zavatra iray hanova anareo, ary lasa olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy ianareo; nandray an'ilay Olona, Kristy Jesosy ianareo; rehefa maty ireo zavatra taloha, ka teraka indray ireo zavatra vaovao; manitsy an'ireo zavatra ianareo, izay nanaovanareo ratsy; tia ny fahavalonareo ianareo, mivavaka ho an'ireo izay manao ratsy anareo; amin'izay vao Kristiana iray ianareo. Fantatra amin'ny voa izay entiny ny hazo.

89 Enga anie ny Tompo hitahy anareo ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika isika. Hangataka ny anabavy aho handeha eo amin'ny piano, hitendry moramora ny "*Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny, ilay Jesosy mangoraka*." Ary ianareo any ivelany, ankehitriny, izay manana karatra fangataham-bavaka, manatòna akaikin'ny varavarana, hanomboka isika afaka fotoana fohy fotsiny. Ndao isika hivavaka.

90 Rainay any An-danitra Finaritra. Oh, ny feoko mahantra, niresaka efa-bolana, tena reraka mihitsy aho amin'ny feoko.

Fa mivavaka aho mba Hanampianao ahy izao ankehitriny izao. Hisy baorina hafa iray ao amin'ny Branham Tabernacle. Hisy vavolombelona hafa iray hitsangana amin'ny andro farany, amin'ny Andron'ny Fitsarana. Maro no mitsangana ato anatiny sy any ivelany, izao hariva izao, maro amin'izy ireo no manontany, maro no mieritreritra hoe, "Marina ve izany, sa tsy marina?"

91 O Ray Mandrakizay sy Finaritra, mivavaka izahay mba Hanehoanao ny Fitiavanao aminay ankehitriny, amin'ny fisehoana eto sy fanaovana Ny Teninao ho marina. Niteny Ny Teninao aho; tahaka ny Nataonao, ny Tenanao, tamin'i Kleopasy sy ny sakaizany, nankany Emaosy. Ary eo amin'ny làlanay, Tompo, raha manao dia izahay, dia miteny aminay amin'ny alàlan'Ny Teninao Ianao. Ary ankehitriny dia tongava eto anivonay! O Kristy Lehibe, tongava eto anivonay, porofoy Ireo Teninao ho marina, ary aoka ho tonga voaseho eto Ny Tenanao izao hariva izao. Satria, izahay zava-boahary mahantra tsy mendrika dia miaiky fa mpanota ary tsy mendrika an'ireo zavatra ireo, saingy mino an'izany izahay, Tompo. Ary nohon'ny fahasoavana dia manaiky an'izany izahay, amin'ny alàlan'ny finoana, fa voavonjy izahay, ary Zanakao. Tahio izahay ankehitriny, Tompo.

92 Fantatro fa marina Ny Teninao, rehefa nilaza Ianao mikasika ny hoe "ny mpaminany ao amin'ny tanànany manokana, eo anivon'ny olony manokana." Saingy, Tompo, mivavaka aho, ho an'ity hariva ity fotsiny, mba Hijerenao midina mankany amin'ny olona fotsiny, sy haneho ny Tenanao indray mandeha indray ato amin'ity tanàna ity, amin'ny alàlan'ny hetsikin'ny Fanahy Masina. O Andriamanitra Mandrakizay, tahio izahay ankehitriny raha miandry Anao. Ary manaova an'ireo zavatra izay Nataonao talohan'ny fanohomboana Anao, ka tsy hanana zavatra tokana iray hitarainana i Jeffersonville. Fa, fantatray fa tsy hanana fialan-tsiny izy ireo amin'io Andro io, fa efa naneho ny Tenanao Ianao. Amin'ny Anaran'i Jesosy, no ivavahako. Amena.

93 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]. . .tsy ho an'izany no tiany hivavahako. Tsia, tsy ilay homamiadana izany, fa sitrana tamin'izany izy. Fa tiany aho hivavaka ho an'ny aretin-damosina izay ananany. Marina izany. Aretina iray ao amin'ny lamosiny ilay izy. Marina ve izany? Ankehitriny dia mino ve ianao fa nitsangana tamin'ny maty Izy? Diniho ankehitriny. Raha miresaka aminy elaela kely fotsiny aho, angamba hisy zavatra hafa ho voalaza. Tsy fantatro. Ankehitriny, tsy nanana hevitra aho hoe inona ny aretinao. Tsy fantatro ankehitriny hoe inona ilay izy. Hitanareo? Fa ireo fandraisam-peo no nahazo an'ilay izy, afaka mahita an'izay Nolazainy ianareo.

94 Ndao isika hiresaka elaela kely iray minitra, ka hahita raha hiteny zavatra hafa iray amiko Izy. Mahita vehivavy iray aho

izay toy ny zavatra iray tahaka . . . Vehivavy hafa iray izany, ary mivavaka ho azy izy. Ary karazany ao anatin'ny trano fitsaboana na hopitaly iray izy, izany dia karazan'ny . . . Toerana momba ny saina iray izany. [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Madison izany, Indiana. ["Marina izany."] Izany dia—izany dia ny—izany dia ny—rahavavy iray izay tianao hivavahana, izay ao amin'ny trano fitsaboana iray. Ary raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, sy ny rehetra izay ao anatinao, dia hanafaka Andriamanitra ka hanasitrana ny lamosinao ary hanao anao ho salama. Mino an'izany ve ianao ankehitriny? Eny àry, avia eto.

95 Ray any An-danitra malala, mivavaka izahay mba amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba Hanasitrananao an'ilay vehivavy, ka hanao azy ho salama. Ary ekeo ho azy izao tsodrano izao. Ary mivavaka aho mba hipetraka eo aminy ny famindrampon'Andriamanitra, sy hanasitrana azy, ka raiso ho an'ny Tenanao ny voninahitra. Mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Amena.

96 Mety hilaza an'izao aho. Misy fangovitana iray avy eo, avy *eto* aoriana eto mihitsy. Vetivety fotsiny, mitsangàna eo iray minitra fotsiny. Nahamarika an'ilay Hazavana niala taminao aho. Misy be loatra, be loatra no mitangorona manodidina ahy eto. Eo am-pisintonana ny olona rehetra. Fa mahita an'Izany mifindra mankany aminareo aho. Izany dia olona iray izay . . . Ianao dia manana—manana fandidiana vehivavy iray ho avy. Marina izany. Mahita olona roa na telo miseho aho, ary nitsingevaheva tery aoriana tery mihitsy ilay Hazavana ka nikasika an'io olona mitsangana ery aoriana ery mihitsy. Izy ireo no mivavaka ho an'izany. Hitanareo? Marina izany. Ary ianao dia manana, aretin-dramatoa iray izany izay tratry ny fandidiana vehivavy. Marina izany. Mandehana ankehitriny ka raiso ny fahasitrananao, ary ny Tompo Andriamanitra no nanao anao ho salama. Amena.

97 Ho avy ve ianao? Ilay ramatoa, mino ny Tompo Jesosy ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Mino ve ianao fa nitsangana tamin'ny maty Izy? Ankehitriny, ny hahafantatra anao, tsy mahafantatra aho. Mety efa nahita anao aho raha avy eto amin'ny manodidina eto ianao. Tsy fantatro. Tonga ny olona ary lasa, tsy eto amin'ny manodidina ny tabernakla loatra aho mba hahafantatra. Fa, ianao, avy eto amin'ny tanàna ve ianao? ["Eny."] Avy eto amin'ny tanàna ianao. Eny àry, noho izany, saingy tsy mahafantatra anao aho. Fa Kristy dia mahafantatra anao. Fa raha hanambara amiko Izy, mitsangana eto, hoe ho an'ny inona no maha-eto anao, dia hino an'izany ve ianao ka hanaiky an'izany? Ary fantatrao fa tsy fantatro hoe ho an'ny inona no maha-eto anao, tsy manana hevitra aho. Zavatra tokana, mety efa nahita ahy nanerana ny tanàna ianao, na tahaka an'izany, na, na tahaka an'izany. Tsy

fantatro. Miankina amin'Andriamanitra ny—ny mahafantatra an'izany.

98 Ery aoriana ery mihitsy, te-ho afaka amin'io aretin-tsinay izay nanananao io ve ianao? Mino ve ianao fa hanao anao ho salama ny Tompo Jesosy? Raha mino an'izany ianao, dia afaka mahazo an'izany.

99 Iray hafa izay tratry ny isan-drà ratsy, mipetraka iry aoriana iry, nahita azy ireo naka aho. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama ny Tompo? Eny àry. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Noho izany dia afaka mahazo ny fahasitrananao ianao, nanasitrana anao vao izao mihitsy Andriamanitra. Nikasika Azy ianao. Tsy nikasika ahy mihitsy ianao, any amin'ny telopolo dian-tongotra lavitra ahy ianao. Amena.

100 Ankehitriny dia mino ve ianao fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy? Jereo fotsiny, ka aoka ho velona, ankehitriny raha mbola mandroso ilay laharana. Oh, tena sarotra ilay izy eto Jeffersonville! Hitanareo? Ary vahoaka betsaka tahaka an'izao no manodidina anareo rehetra, ny olona rehetra! Nandray lehilahy iray tamin'ny tànany Jesosy, ka nitarika azy nankany ivelan'ny tanàna, indray mandeha.

101 Ankehitriny dia mijere mankaty, ranabavy, vetivety fotsiny. Minoa fa manatrika ny Tompo Jesosy mba hanampy anao. Ianao dia mijaly amin'ny aretina izay ao amin'ny tsinay be, ka efa nizaha anao ny dokotera iray. [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Ary niteny taminao izy fa izany dia "hemoroida." Mahita anao manandrana mihetsika manerana ny trano aho, ary mandeha tena miadana ianao. Tratry ny aretin-kozatra ianao. ["Marina izany."] Izany no HOY NY TOMPO HOE. Nilaza ny dokotera fa tsy maintsy didiana ianao. Marina tokoa izany. Ary nahita azy nanao sonia an'io karatra kely io aho tao amin'ny biraony: Rebekah Baker. ["Eny, tompoko."] 509 Graham Street. ["Marina izany."] Marina tokoa izany. Izany no ao amin'ny biraony, eo amin'ilay firaiketana. Marina izany. Mino ve ianao? ["Eny, tompoko."] Noho izany dia afaka mahazo ny fahasitrananao ianao. Amin'ny, Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, enga anie ity vehivavy ity hahazo ny fahasitranany. Amena. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Mandehana, mino ankehitriny. Manàna finoana an'Andriamanitra.

Raha afaka mahafantatra fotsiny ny Fanatrehan'ny Tompo mantsy ianareo!

102 Ankehitriny ilay ramatoa mitsangana eto, mba hahatonga anao . . . Tsy mahafantatra anao aho, araka ny fantatro. Tsy mahafantatra ahy ianao, ary izaho tsy mahafantatra anao. Marina ve izany? Eny àry. Noho izany ianao dia olona iray izay tsy mahafantatra ahy, ary izaho tsy mahafantatra azy ireo. Ary tsy nahafantatra an'ilay ramatoa hafa aho. Fa ity ramatoa ity dia vahiny iray tanteraka, araka ny fantatro. Raha marina izany, dia

atsangano ny tànanao, ramatoa. Ny fotoantsika voalohany, hany nihaonana teo amin'ny fiainana.

103 Indro ny vehivavy iray sy lehilahy iray. Sary tsara tarehy mihitsy an'ny Masindahy Jaona 4, izay nisy vehivavy iray sy Lehilahy iray nihaona; ary ilay vehivavy dia Samaritana, Jesosy dia Jiosy. Ary nanomboka nifampiresaka izy ireo, ka nambaran'i Jesosy ireo tsiambaratelon'ny fony ka nampahafantatra azy hoe taiza ilay olana. Ankehitriny, raha Izy no ilay Jesosy tsy miova androany, dia afaka manao an'ilay asa iray ihany Izy androany.

104 Raha hanangana ny tànany amin'Andriamanitra ity vehivavy ity, tsy ny hianiana (satria, tsy mino ny fanaovana an'izany isika), hanangana ny tànany fotsiny ao amin'ny fahatsorampo, miaraka amin'ny ahy, hoe tsy mbola nifankahita mihitsy izahay tany aloha, ary tsy mifankahafantatra na inona na inona. Hanangana ny tànanao ve ianao, ramatoa? Eo ianareo izao. Tsy mbola nahita ahy mihitsy izy, na tsy mbola nahita azy mihitsy aho, ary vahiny iray tanteraka izy. Ankehitriny raha misy . . .

105 Eto ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy. Raha marary ilay vehivavy, dia tsy afaka hanasitrana azy aho. Efa sitrana izy; Kristy no nanasitrana azy rehefa maty ho azy Izy. Mino an'izany ve ianareo? Fa raha nitsangana teto Izy ankehitriny, ary—ary eo amin'izay itsanganako, ka Izy no, no afaka hanambara aminy, na hanao zavatra hampakatra ny finoany hahatratra! Ankehitriny, mety mitsangana eto izy nohon'ny olana ara-bola. Mety mitsangana eto izy ao amin'ny olana ara-tokantrano. Mety mitsangana eto izy, eo am-pahafatesana miaraka amin'ny homamiadana iray. Mety mitsangana eto izy miaraka amin'ny TB. Tsy fantatro. Tsy afaka miteny aminareo aho.

106 Ary ankehitriny raha tianareo ny hametraka ny tenanareo eo amin'ny toerako, dia avia eto ka raiso ny toerako. Tongasoa ianareo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Izany tokoa. Izaho koa tsy mahafantatra, izaho koa tsy hanao an'izany. Fa ilay Andriamanitry ny Lanitra no mahafantatra. Afaka mahazo ve ianareo ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."]

107 Ary raha hanao an'ilay zavatra iray ihany Kristy eto, ny Fahamarinana tsy mety diso, tahaka ny Nitsanganany tamin'ny maty, ka nanaporofo fa Izy no ilay Jesosy tsy miova izay niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, dia firy eto no hilaza hoe, "Handray Azy aho izao ankehitriny izao ho Mpanasitrana ahy, na inona na inona ilaiko"? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Handray Azy aho raha hanao an'izany Izy."

108 Ilay vehivavy miaraka amin'ny tànany mitsangana, tsy mbola nihaona mihitsy isika. Ny Tompo anie hanaiky an'izany, izany no fivavako. Ankehitriny dia toy ny hoe manalavitra ahy ilay ramatoa; raha afaka mandre ny feoko ny mpanatrika. Mahita olona iray mitsangana aho. Ilay izy dia tsy ho an'ny

tenany, loatra. Mivavaka ho an'ny olon-kafa izy, ary izany dia ramatoa iray azon-taona. Ny reniny izany, mivavaka ho azy izy. Marina izany. Tratry ny aretim-po kely izy, fidobodoboka kely an'ny fo, tahaka an'izany. Tsy afaka matory izy amin'ny alina. Tsy marina ve izany? Atsangano ny tànanao raha marina izany. Ary tsy avy eto amin'ity faritra ity io ramatoa io. Avy any lavitra avy eto io ramatoa io. Avy any Georgia io ramatoa io. Marina tokoa izany. Ary avy any Georgia ianao. Ary ianao dia mila vavaka ho an'ny masonao, ihany koa. Ho lasa jamba ianao eo amin'ny masonao. Ary marina izany. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Eny àry.

109 Mino ve ianareo ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manàna finoana an'Andriamanitra ankehitriny. Raha mbola mivavaka ho azy aho, dia mivavaha ianareo eo ivelany eo ho an'ny tenanareo, ka minoa an'Andriamanitra. Eto Izy, manatrika mandrakariva.

Avia eto, ranabavy.

110 Mpamonjy finaritra, mivavaka aho mba, amin'ny Anaran'i Kristy, mba Hanekenao ho an'ity vehivavy ity ny faniriany. Enga anie ny Herin'Andriamanitra Tsitoha hitoetra eo aminy, ary enga anie izy ho sitrana ka hahazo an'izay rehetra nangatahany. Mivavaka an'izao tso-drano izao aho amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

111 Ankehitriny mandehana, mifaly, ary sambatra. Ary minoa, ranabavy, ka aoka ho salama. Eny àry.

112 Tsy azoko antoka, nefa mino aho fa fantatro ity vehivavy ity. Mino aho fa avy any Georgetown ianao, satria aho dia . . . Tsy havan-dRahalahy Arganbright ve ianao? Mazava ho azy, ankehitriny ity hosotra ity, dia hafa izany. Fantatrao fa misy fahasamihafana iray izao ankehitriny izao. Rehefa miresaka aminao aho any an-kafa any ho any; dia hafa ilay izy izao ankehitriny izao. Nahatsapa fahatsapana iray tena mahafinaritra ianao, tahaka an'izany. Izany no Fanahy Masina. Tsy ho an'ny tenanao ianao eto. Eto ianao ho an'ny olon-kafa iray, ary izany dia zazavavy kely iray eo amin'ny efatra na dimy taona eo. Tratry ny aretin'ny voa izy, ary mipetraka any Indiana avaratra izy. Marina izany. Iny hazoninao eny an-tànanao iny, alefaso any aminy izany, dia ho lasa salama izy. Minoa amin'ny fonao rehetra ankehitriny, ka raiso izay nangatahanao, amin'ny Anaran'i Kristy.

"Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra!"

113 Indro ny ramatoa iray izay vahiny amiko. Tsy mahafantatra anao aho, tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Samy vahiny isika, elanelan-taona maro; angamba maro, teraka elanelana maily maro. Tsy mahafantatra anao

aho, tsy mbola nahita anao mihitsy. Fa Jesosy Kristy dia mahafantatra anao.

114 Nisy zavatra nitranga tao amin'ny mpanatrika; niseho teto akaikiko ny lehilahy iray. Indro izy mipetraka, eto mihitsy, foitra mivonto. Mino ve ianao, tompoko? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny!"—Mpand.] Noho izany dia manasitrana anao Kristy ka manao anao ho salama! Amena.

115 Tahaka an'izany no anaovana azy, minoa! Inona no nokasihany? Tsy mbola nahita an'ilay lehilahy mihitsy aho; saingy sitrana teo mihitsy izy. Nikasika ny Tompo Jesosy Izay manatrika eto izy. Esory miala aminareo io tsi-finoana io! Adinoy ny mikasika ahy hoe William Branham. Jereo Jesosy Kristy, Izy no ilay Anankiray izay eto. Mihaika ny finoanareo aho, amin'ny Anaran'i Kristy, mba hanadino ny mikasika ahy; ary mino fa izao no Tompo Jesosy eto, ka jereo izay hitranga. Tsy ahoako na aiza no misy anareo ato amin'ny tranobe.

116 Ankehitriny dia indro ny vehivavy kely iray. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho. Antitra kokoa noho izaho izy. Izy, tsy fantatro hoe iza izy, avy aiza izy, na inona na inona mikasika azy. Vahiny iray tanteraka aminy aho. Fa Kristy no mahafantatra azy.

117 Raha Hambarany amiko ny maha-eto anao, dia handray an'izany ve ianao ary hino an'izany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Azo antoka."—Mpand.] Nanana fahatsapana hafahafa iray ianao minitra vitsy lasa izay, rehefa niteny zavatra iray aho, sa tsy izany? Ny rahavavinao ilay izy ["Eny."] izay any amin'ny trano fitsaboana adala any Madison, Indiana. ["Marina izany."] Marina izany. Satria, nitsangana teto ny vehivavy hafa iray, ary nitsangana teo ianao nijery nankaty. Ary ilay fahitana, nino ianao rehefa niakatra teto. ["Azo antoka."] Marina tokoa izany. Izany no nanao an'ilay izy. Ary ny antony maha-eto anao izao hariva izao, dia satria tratry ny aretim-po ianao. Vao avy tratry ny famelezan'ny fo ianao. Tena marina tokoa izany. ["Marina izany."] Ary hitako ankehitriny, raha mijery ao amin'ny fahitana iray aho, io tany mikitaontaona io. Avy any Indiana atsimo any ho any eto ianao. Avy any akaikin'i Corydon ianao, avy any ianao. Miverena any an-trano, salama ianao. Jesosy Kristy no manao anao ho salama. Izany no HOY NY FANAHY MASINA HOE.

118 Manàna finoana, ary minoa. Aza misalasala. Minoa fotsiny ihany. Afaka mahafantatra ny fanatrehana mandrakariva an'ny Tompo Jesosy ve ianao? Mahafinaritra toy ny ahoana! Inona ny olana?

119 Eto amin'ny zorony eto, dia mahita fahitana iray aho. Ilay dokotera dia tsy mahafantatra na homamiadana ilay izy na TB. [Hoy ilay olona hoe, "Marina izany."—Mpand.] Marina izany. Fa

raha hino an'izany ianao, dia sitrana, na ahoana na ahoana. Ny finoanao no namonjy anao. Mandehana.

120 Eo ianareo izao. Ny fanatrehana mandrakariva an'ilay Andriamanitra velona! Mihaika ny finoanareo aho. "Raha mety mino ianao!" Ankehitriny, nitsangana tamin'ny maty Izy. Eto Izy miaraka amintsika. Izy izany! Izany mihitsy ireo zavatra izay Nataony fony Izy teto an-tany teto. Roa arivo taona izay no lasa, mbola velona foana Izy, ary velona mandrakizay Izy. Minoa fotsiny, manàna finoana.

121 Tsy mahafantatra anao aho, ramatoa. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anao. Marina izany, sa tsy izany? Jesosy Kristy no mahafantatra anao. Raha hanambara amiko an'izay maha-eto anao Andriamanitra, dia hino Azy ve ianao, ary hino ahy ho Mpaminaniny? Raha hanao an'izany Izy, dia fantatrao fa nisy Zavatra nanosotra ahy. Tokony ho fantatrao fa Io izany. Ankehitriny raha nilaza aho hoe, "Hametraka ny tànako eo aminao aho, aoka ho sitrana," dia hanana zò hisalasala an'izany ianao. Fa raha Andriamanitra no miteny zavatra amiko izay fantatrao fa ny fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia fantatrao na fahamarinana izany na tsia. Marina ve izany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Aretim-behivavy iray ilay izy. Nodidiana, mahita anao midina avy amin'ilay latabatra fandidiana aho, miaraka amin'ny zavatra iray fotsy eo amin'ny tarehinao, saingy tsy nahomby ilay izy. Marina izany. Fa, niafina an'ilay dokotera io devoly io, saingy tsy afaka hiafina an'Andriamanitra izy. Mandehana mody, ary aoka ho salama, ramatoa, Jesosy Kristy no nanasitrana anao ary nanao anao ho salama.

Raha mety mino ianao!

122 Vahiny iray aminao aho, ramatoa. Mino ve ianao fa Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, dia eto? Mino ve ianao fa Izy no hanao anao ho salama? Tsinontsinona ny diabeta, mba ho sitranin'Andriamanitra. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Izy? Noho izany dia mandehana mody ary raiso ny fahasitrananao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra. Amena.

Avia eto, ramatoa. Mino ve ianao?

123 Ankehitriny dia ajanòny ny fieritreretana an'izany ery aoriana ery! Izany dia tsy "fifandraisana ara-tsaina." Tsy afaka hiala amin'izany ianareo ankehitriny! Mamelà ahy haneho aminareo.

124 Tsy mahafantatra an'ity vehivavy ity aho. Apetraho eo amin'ny ahy ny tànanao, ramatoa. Raha hambaran'Andriamanitra amiko hoe inona ny aretinao! Izaho mijery mankany amin'*ity*, fantatrao fa tsy mamaky ny sainao aho. Raha hambaran'Andriamanitra amiko hoe

inona ny aretinao, dia hino ve ianao fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary izaho no Mpanompony? Raha hino ianao, dia atsangano ny tànanao. Tratry ny aretim-behivavy ianao, aretin'ny ramatoa. Marina izany. Tena nanana ianao; tsy manana ianao ankehitriny. Sitrana ianao. Zory ny làlanao, ary mifalia ka aoka ho faly.

125 Avia, tompoko. Io aretin'ny voa ratsy io, ary zavatra iray manelingelina anao. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny."—Mpand.] Hanasitrana anao amin'izany? Noho izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raiso ny fahasitranananao, ary zory ny làlanao, mifaly. Amena. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

Minoa!

126 Manao ahoana ianao, ramatoa? Tianao ve ny handeha, hihinana sakafo tsara indray tahaka ny nohaninao taloha? Efa nikorontan-tsaina tanteraka ianao, sa tsy izany? Niteraka ratra iray an'ny fandevonan-kanina ao amin'ny vavoninao. Mandehana, alaivo ny mofonao misy hena ka hano izany, Jesosy Kristy no nanao anao ho salama. Zory ny làlanao, mifaly.

127 "Raha mety mino ianao!" Manàna finoana an'Andriamanitra. Mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ilay Kristy velona, manatrika mandrakariva dia manatrika eto ankehitriny, mba hanasitrana ny olona rehetra ato.

128 Vetivety fotsiny. Ery amin'ny faran'ilay laharana, mipetraka eto mihitsy, misy lehilahy tanora iray mipetraka. Lehibe noho izay noeritreretinao fa nanananao ny finoanao, anaka. Tratry ny aretim-po ianao, sa tsy izany? Raha marina izany, dia mitsangàna. Nanasitrana anao Jesosy Kristy, anaka. Salama ianao. Zory ny làlanao, ary aoka ho salama.

129 Mino Azy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manàna finoana an'Andriamanitra.

130 Indro ny lehilahy iray izay tsy fantatro. Samy vahiny izahay. Mino aho fa ity lehilahy ity dia natao batisa aninkeo maraina. Fa tsy mahafantatra anao aho, tsy manana hevitra mikasika anao. Marina ve izany? Raha hanambara amiko ny amin'ny maha-eto anao Jesosy Kristy, dia hanaiky an'izany ve ianao?

131 Firy ato amin'ny mpanatrika no handray an'izany izao ankehitriny izao? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Raha mety mino ianao!" Manàna finoana fotsiny. Aza misalasala.

132 Tratry ny aretin-koditra ilay lehilahy. Marina izany. Ary hitako fa ianao dia eo . . . Ilay izy dia aretin'ny prostaty, ihany koa. Marina izany. Raha izany ilay izy, dia ahofahofaho ny tànanao. Ary mahita zavatra mainty aho mitsangana eo anelanelanao sy ny vehivavy iray; ny vadinao izany. Mivavaka

ho azy ianao. Mpanota iray izy, ary tianao izy ho lasa Kristiana iray. Izany ho HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Mandehana, apetraho eo aminy ny tànanao, ary mivavaha ho azy, mba hanambaran'Andriamanitra any An-danitra ny fahalehibeazan'ireto zavatra izay tena misy ireto.

133 Mino ve ianao? Mino ve ianao fa hataon'Andriamanitra izany? "Raha mety mino ianao!" Mihaika ny finoanareo aho. Ery amin'ny farany aoriana ery, na aiza na aiza ianareo, mijere dia aoka ho velona! Manàna finoana an'Andriamanitra, na aiza na aiza ianareo. "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra." Raha mety mino ianareo! Diniho. Mijere mankaty. Mivavaha. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.]

Hoy ianareo hoe, "Inona no dinihinao, Rahalahy Branham?"

134 Rebekah, miverena kely mankaty, malala. Mijanòna eo amin'izay misy anao mihitsy. Io ny zanakovavy kely, izay ho mpaminanivavy iray indray andro any, ihany koa. Io ramatoa mitsangana eo akaikinao io mihitsy, malala, manao satroka fotsy, mijaly amin'ny aretin'ny taolan'orona izy. Atsangano ny tànanao, na mitsangàna, ramatoa. Mivavaka ianao mba hiantso Andriamanitra, hamela ahy hiantso anao. Marina ve izany? Avelao ny zanakovavy kely hametraka ny tànany eo aminao eo. O Andriamanitra Mandrakizay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, miteny mafy an'io demony izay manelingelina an'io vehivavy io aho. Ary aoka hiala izany, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena.

135 Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Enga anie ny Tompo Jesosy hanambara ny Tenany, ihany koa. Mino ve ianareo fa eto Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany dia mamelà ahy hiteny aminareo, ny tsirairay avy aminareo, izao ankehitriny izao, raha mety mino an'izany ianareo, Jesosy Kristy no manao ny tsirairay avy aminareo ho salama, izao ankehitriny izao. Raha marina ireo teniko *eto*, dia marina izany *etsy*. Raha hanao an'izay teneniko aminareo mba hatao ianareo, dia afaka ny ho sitrana ianareo izao ankehitriny izao. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Noho izany dia apetraho eo amin'ny iray hafa ny tànanareo. Apetraho eo ambonin'ny iray hafa fotsiny ny tànanareo, ato anatiny na any ivelany. Aza misalasala! Nandre fanahy marenina iray niala aho. Eto Izy, ilay Kristy nitsangana!

136 O Andriamanitra Mandrakizay sy Finaritra, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mihaika ny fanahy maloto rehetra aho, amin'ny Anaran'i Kristy ilay Tompo, mba hiala amin'ity toerana ity izany, mivoaha amin'ireto olona ireto. Ary enga anie ilay Fanahy Masina lehibe ankehitriny no hanao batisa ny olona rehetra ato, amin'ny finoana lehibe mba hinoana.

137 Oh, Satana, ianao ry demony, efa nihambo taminay ela loatra ianao. Nitsangana Kristy, mitsangana eto Izy miaraka amin'ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo mihantona eo Aminy.

Efa voaloa ny herin'ny fanasitranana. Ary mandidy anao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona, mba hialanao amin'ireto olona ireto. Mivoaha amin'izy ireo, Satana, mba handehanan'izy ireo sy ho lasa salama.

138 Raha mino amin'ny fonareo rehetra ianareo, fa nanasitrana anareo Jesosy Kristy, dia mitsangàna, ka ekeo ny Herin'ny fanasitranana masina an'Andriamanitra Tsitoha. Izay ilay izy! Derao ny Tompo! Isaory ny Tompo! Ianareo dia, ny tsirairay avy, sitrana. Mitsangàna, ka omeo an'Andriamanitra ny dera! Amena! Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Ndao isika hanome Azy ny dera, raha manangana ny tànantsika isika ka midera Azy. Isaory ilay Zanak'Andriamanitra velona! Amena!

Dia Nahiratra Ny Mason'Izy Ireo Ka Nahafantatra Azy Izy Ireo MAG57-0421E

(And Their Eyes Were Opened And They Knew Him)

Fifohazan'Ny Paska mitohitohy

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady harivan'ny Paska, 21 Aprily, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2020 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org